# GROUPE PAYSANS DE MADAGASCAR – AMBOHIMANAMBOLA

Ho antsika rehetra Mpikambana sy mankatoa ny didin'i KRISTY ary mizara sy manao ny asan' ny FINOANA avy amin'ny SL eto MADAGASIKARA – AMBOHIMANAMBOLA.

KRISTY sy SL miaraka amin'ireo ANJELY LEHIBE miasa ho FAMPIJOROANA NY DIDY MASINA ho an'ny zanak'olombelona , izay miara miasa amintsika mpianatra Kristy eto Madagasikara dia tokony HIAINA sy HANAO HO FIAINANA ny TENY SY FAMPIANARANA REHETRA NOMENA ANTSIKA nanomboka ny volana Martsa 2015 ka hatramin'izao.

Izany dia ho fampandresena sy fampanjakana ny HAZAVANA AN' i KRISTY ETO MADAGASIKARA.

Ny GROUPE CLEFS DU FUTUR izay hivondronan'ireo MPIAMPINGA NANOLONTENA ANTSITRAM-PO ARY NANOKANA NY FIAINANA MANONTOLO HO AN' I KRISTY. Tokony hijoro sy hanamafy ny ASAN' NY FINOANA ka HANANGANA NY AMPINGA FAHAZAVANA ( épée de Lumière de CHRIST).

Izaho ( jean Jacques Andrianaivo ), izay mitarika sy mitondra ny Hery no sady solontena mivantana ny asan'I KRISTY eto Madagasikara miaraka aminareo Groupe Paysans de Madagascar dia mifandray isan'andro amin'I SL sy ireo mpikambana ao amin'ny clefs du futur maneran-tany (mifanoratra sy mireska izay hafatra na mandray ny fankaherezana avy amin'I Kristy sy ireo mpampianatra na ireo Anjely lehibe miasa ho an'ny Planin' Andriamanitra eto ambonin'ny tany.

*" **KRISTY TOMPO dia mankahery sy manome fitiavana tsy manampetra ho antsika ary tokony ho isika no MANARAKA SY MANAIKY IZAY DIDINY SY IRAKA OMENY HO FAMPANJAKANA NY TENIN' ANDRIAMANITRA."***

***"SL dia Manonona ny anarantsika rehetra Mpianatra an'I KRISTY, izay voasoratra ao anaty carnet bleu an'I KRISTY ho fananganana ny TANY VAOVAO SY LANITRA VAOVAO"***

***"Tsy fotoana hametrahana fanotaniana na ahiahy amin'ny fampianarana omen'I KRISTY avy amin'ny SL sy ny groupe clefsdufutur , izay omena antsika intsony izao fa FANANGANANA NY AMPINGA FAHAZAVANA (épée de lumière de CHRIST) sy ny Fanamafisana ny ASAN' NY FINOANA tsy ankijanona "***

## IREO REHETRA IZAY MANANA AHIAHY SY TSY MISY FAHATOKISANA DIA TSY AFAKA HANOY NY LALANA MIARAKA AMIN' I KRISTY.

***Ny fandraisana Andraikitra – Adidy ary Fahavononana ilaina ho an'ireo Mpianatra an'I KRISTY tompo***

**Ity hafatra nosoratana ity dia ho famintinana ireo hafatra maro nomen'I KRISTY – SL ho an'ireo mpianatra rehetra manaraka sy manao ny asan'I KRISTY ary koa ireo boky 4 izay nosoratan'I M.MAURIA sy SL.**

Raha no ho antsika Groupe tantsaha eto Madagascar manokana dia tokony hanoy tsy mijanona ny asan'I KRISTY isika rehetra:

Ny voalohany amin'izany dia ny ASAN' NY FONOANA ( isanan'andro )

Ny fanaovana ny vavaka hoan'ny Firenena Malagasy sy ireo vavaka miaraka amin'ireo ANJELY LEHIBE KRISTY ( GABRIELY – RAPHAEL – MICHEL – URIEL ary ny DEVA ROYALE MADAGASCAR Ambohimanambola)

Ny fananganana ny AMPINGA FAHAZAVANA KRISTY ( épée de lumière Ange MICHEL )

Ny fanamafisana ny FINONA sy fahatokisana mandra-maty an'i KRISTY sy fampivondronana ny AIMPANAHY an'ny fikambanana miaraka amin'i JEAN JACQUES.

A – NY FANDRAISANA ANDRAIKITRA – ADIDY ho an'ny mpianatra Kristy :

Ny voalohany dia ny Fankatoavana ny didy KRISTY ao anaty ny fanetrehan-tena , fahafoizan-tena ary hafaliana ao anaty fahdiovam-po.

Ny faharoa dia ny fahatsiarovan-tena mandrakariva fa IRAY ao amin'I KRISTY ianao isan'andro amin'izay rhetra hataonao – ny asa rehetra hatao sy tanterahana na aiza na aiza dia eo hanatrehan'Andriamanitra foana izany.

Ny manaraka dia ny manaraka izay teny sy fampianarana omena mba ho fanaovana ny asan'I KRISTY. Vavaka isan'andro vao maraina , asan'ny finona – ny fisaorana ireo Anjely sy isankarazany manao ny asan'I Kristy – fanaganana ny Ampinga ary ny vavaka ho an'ny firenena.

Ny fananana FAHATOKISANA sy FIHAZONANA NY FAHAZAVANA MASINA AN' I KRISTY ao amintsika tsirairay miaraka amin'ni SL sy Jean Jacques.

Tokony hanana faharetana sy fitiavana isika amin'ny zavatra hatao , izay hery lehibe manosika antsika handroso ao anaty ny fahazavana masina an'I Kristy.Ao anaty ny hafaliana sy ny

Fahavononana no hazoantsika ny fandresena lehibe izay efa azon'izay rehetra manaraka sy mino ka velona Fanahy iray ao an-tranon'ny FAHAZAVANA KRISTY ( zanak'Andriamanitra velona mandrakizay )

Ho antsika mpianatra Kristy eto Ambohimanambola ( Groupe Paysans de Madagascar) dia avy amin'ny FINONA sy FITIAVANA AVY AMIN'NY FO MADIO – FANAHY VELONA ao AMINTSIKA NO MAMPIRAY NY HAZAVANA KRISTY HIPARITAKA SY HANAZAVA NY FANAHY OLONA SY NY FIRENENA MALAGASY – MIAINGA AVY AMIN' NY FIOMBONANA FONTSIKA MAZAVA SY FENO FITIAVANA – HAFALIANA miampita MAMELONA NY FON' NY DEVA ROYALE MADAGASCAR ( anjely mpiampina ny Madagascar)

Ny fanolorantena hanao ny asan'I KRISTY dia ho anireo izay manana FANAHY VELONA SY EFA VOAHANTSO HATRIZAY NAHATONGAVAN'NY KRISTY RAY MPAMONJY TETO AN-TANY MIARAKA TAMIN'IREO ANJELY MICHEL izay MPITARITAFIKA MASINA NANDRESY NY AIZINA TANY ANDANITRA.

TOKONY HANANGAN NY FINONA SY NY AMPINGA FAHAZAVANA ISIKA REHETRA ZANAK'OLOMBELONA VONONA NY HANARAKA NY RAY KRISTY ; izany dia noho ny herin'ny FAHAZAVANA ENTINY AMPINGA FAHAZAVANA IO ( tsy ny ampinga fiadina sabatra intsony no ampiasaina fa ny ampingan'ny fahazavana masina an'I KRISTY sy ANJELY MICHEL)

Ny fahavononana dia avy amin'ny herim-panahy masina miaraka amin'ny FITIAVANA izay hentin'ny ANDRIAMANITRA MPANAJAKA ( SANAT KUMARA ) izay miara miasa akaiky amin'ny Maitre MAURIA (olombelona fanhy velona mpiara miasa akaiky amin'I KRISTY TOMPO sy ANDRIMANITRA MPANJAKA.

Izao vanimpotoana farany izao dia FANANGANANA NY HOAVY sy FITSARANA FARANY ho an'ny zanak'olombelona eto an-tany nandritra izay 2000 taona lasa niavian'I JESOA-KRISTY teto an-tany nampianatra sy nampiseho ny lalàna hafahantsika zanak'olombelona hitambatra sy ho iray ao amin'ANDRIAMANITRA RAY MPAHARY ( DIEU UNIQUE )

Ny fitambaran'ny telozoro (triangle ) ny FAHAVONONANA – FANDRAISANA ANDRAIKITRA - FITIAVANA ao anaty ny FINONA sy FANKATOAVANA – FANAOVANA FIAINANA NY DIDY KRISTY NO MANAFAKA NY ZANAK'OLOMBELONA amin'ny GADRAN'ny FAHOTANA sy FAHARATSIANA.

AVY AMIN'IO TELOZRO FAHAZAVANA HO LASA FIAINANA IO NO MITONDRA NY OLOMBELONA MANKANY AMIN'NY FIRAISANKINA – FIOMBONANA HO IRAY AO AMIN'I KRISTY

IREO REHTRA IREO DIA TSY HO VITA RAHA TSY MISY NY FITIAVANA sy FANDAVANTENA ARY FANOLORANTENA HO AN'I KRISTY.

IZAY REHETRA MANDODONA NY VARAVARAN'NY LANITRA HIDITRA AO AMIN'NY TRANON' KRISTY DIA TSY MAINTSY MANDALO NY LALAN'NY FITSAPANA ( hazo fijaliana hoy ny kristianina) IZAY ZANATOHATRA HANDEHANANA MANKANY AMIN'NY TANY VAOVAO SY LANITRA VAOVAO ( troisième Humanité)

Tsy hisy intsony ny lalàna sy vavahady mivoha ho an'izay rehetra mitodika lamosina an'I KRISTY sy ANDRIAMANITRA RAY.

IREO REHETRA OLONA TSY MISY FANAHY ( sans ame) dia ho voaroaka tsy hiverina eto an-tany intsony aorian'izao FITSARANA FARANY IZAO.

IREO IZAY FANAHY TSY MATOTRA SY MBOLA MIAINA NY FAHALOTOANA DIA tsy ho tafiditra io vavahady ny Tranon'I KRISTY io fa , hiandry fotoana amantapitrisany taona indray hamerina ny lalàna vaovao fiainana ho tonga zanak' Andriamanitra.

IREO IZAY OLOMBELONA FANAHY VELONA MANARAKA AN' I KRISTY DIA HO VOAVONJY ARY HITSINGERIM-PANAHY KA HIARAKA AMIN'IREO ANJELY SY KRISTY – ARY AMIN'IZANY IZY IREO DIA HO LASA HAMPITA SY HIZARA NY HAZAVANA SY FAHENDREMPANAHY IZAY NATAONY TETO AN-TANY HO AN'IREO HAFA INDRAY.

FAMONJENA LEHIBE SY SOA TOKOA IZANY OMEN'I KRISTY NY OLOMBELONA IZANY ary FANOMEZAMPAHASOAVANA LEHIBE TOKOA.

TSARA ANDRIAMANITRA NANOME ANTSIKA NY ZANANY KRISTY HANAVOTRA SY HANAMPU ANTSIKA HIANATRA SY HIZARA NY FITIAVANA NY ANDRIAMANITRA RAY.

Io planin'Andriamanitra izao dia mandritra ny vanimpotona ny ère de verseau izay maharitra 2500 taona eo ( fohy io fotoana io raha ny famatarana'andro ny Kristy no jerena , fa lava kosa hoy isika raha amin'ny tetiandro olombelona.

Ireo dingana rehetra lalovana amin'ny FAMETRAHANA NY FENDRESENA KRISTY ETO AN-TANY dia manaraka ny onjan'ny volana sy ny andro ary ny planeta samihafa eny an-danitra ( rythme lunaire et du jour et constellation)

Ny clefs du futur izay ao Frantsa no foibeny no groupe fototra lehibe miaraka miasa amin'ny KRISTY – ANDRIAMANITRA MPANJAKA – ANJELY MAROBE ary ireo ANJELY HAFA MIASA AO ANATY NY TANY SY LANITRA – MIARAKA AMIN'IREO Maitres (mpampianatra) izay olombelona fanahy velona mitsingerimpanahy , izay zokintsika sy rahalahy sy anabavy , nahavita ni fiakarana ho tonga Mpianatra sy mpanompo ao amin'I KRISTY sy ANDRIMANITRA MPANJAKA – ANDRIAMANITRA RAY MPAHARY.

Madame SL no mitarika ny mpianatra eto an-tany ankehitriny izay mitondra ny hafatra mivantana avy amin' I KRISTY TOMPO ka manaparitaka izany amin'ireo Groupe de CHRIST maneran-tany , izay olombelona manana ny aimpanahy velona afaka hitondra ny fahazavana sy hafatra ho an'ny zanak'olombelona. Anisan'izany ny GROUPE TANTSAHA AMBOHIMANAMBOLA eto MADAGASCAR sy ny CDF ao Frantsa – groupe ao DAKAR SENEGAL – groupe ao QUEBEC CANADA – groupe ao ROUEN FRANCE – groupe ao VIET NAM sy ny groupe ao LA REUNION

SL dia mifandray sy miara miasa amin'ny ANJELY marobe sy ireo Maitres eo ambany fahefan'I KRISTY TOMPO amin'izany.

Ny ao Frantsa no voalohany tsy maintsy hisehoan'izany fametrahana ny asa lehibe amin'ny fiverenan'I KRISTY izay ( tany Kristianina voalohany ao eropa) – eo koa ny ao SYRIE ( liban , Palestine, jordanie,irak,…) izay tany voalohany an'I KRISTY ( fotoana JESOA KRISTY) – ny tany fahatelo dia ny ao CETRAFRIQUE ( Afrique) izay tany an'I KRISTY amin'ny hoavy .

Isika eto MADAGASIKARA dia tany nametrahan' Andriamanitra ireo OLONA FANAHY nahavita ny dingana sy voafantina fa TSARA SY AZO HAMPIVOARANA ho tonga FOTOTRA IRAY amin'ny fandresen'I KRISTY ( hoy ny razantsika: tany masina I Madagsikara) rehefa nopotehin'ny Fanahy ratsy ny zanak'olombelona teny amin'ny volana ( efa amatampitrisany taona lasa izany)

Isika olombelona velona rehetra eto Madagasikara sy La Réunion dia FANAHY NAROVANA SY NOFIDIANA HO MPAMPITA NY FAHENDREMPANAHY AVY AMIN' I KRISTY ( izay mbola mankatoa sy manaja ary manao ny didiny)

Ny Groupe tantsaha eto Ambohimanambola no mitondra izany HAZAVANA SY AIMPANAHY avy amin'I KRISTY izany ankehitriny , ka ireo fanahy rehetra Malagasy izayefa nanao ny asan' I KRISTY HATRIZAY FAHAGOLA no voalohany mamaly ny antso ary miasa sy manao ny IRAK' I KRISTY ETO MADAGASIKARA.

Eto isika dia tsy miresaka antoko fivavahana na karam-pivavahana fa miresaka ny FANAHY VELONA REHETRA – IZAY MPIANATRA SY MPANAO NY IRAKA HIZARA NY HAZAVANA HANAVOTANA NY FANAHY VAHOAKA MALAGASY SY NY ZANAK'OLOMBELONA HOAVY ( troisième Humanité).

Izaho Jean Jacques A.  mitondra io iraka lehibe eto Madagasikara miaraka ami'ireo Tantsaha 08 voalohany namely ny antson'I KRISTY – JESOA tamin'ny taona 2015 ary mametraka izany Planin' Andriamanitra eto izany.

Ireo rehetra Mpikambana vaovao na tranainy tonga taty aoriana dia mameno sy miasa manao ny vavaka samihafa, miaraka amin'ireo zoky  ho fanganana ny hoavy ao anaty ny LOI DIVINE SANS CONCESSION sy ny VIE JUSTE  (fiainana ra-drariny sy hitsiny , tsara-mahasoa –marina).

Unite et amour

Jean Jacques

Le 01 septembre 2016 – clefs du futur Madagasikara